magnifiques : la décoration des bancs d'église (lors d'un mariage), le centre de table, le bouquet ovale ou encore le bouquet mural sans oublier le bouquet classique. Les deux fleuristes (au féminin) ont partagé expérience et savoir-faire, pour le plaisir des yeux et... de l'âme.

... Inspecteurs du Trésor

Initiation à la prise de parole, le *kabary*. Appelées à occuper des postes à responsabilité au sein du Trésor Public, les Inspecteurs du Trésor doivent être aptes à parler en public : maîtriser le trac, capter son auditoire... comme la formatrice l'a si bien fait, pour le plaisir des oreilles et... de l'esprit.

La convivialité et la bonne humeur étaient au rendez-vous. A la fin de la séance, une tombola a été improvisée, tombola à l'issue de laquelle les plus chanceuses ont pu emporter les bouquets chez elles. Le prochain partage d'expérience se tiendra le dernier vendredi du mois de septembre. Il sera d'ordre professionnel.

▲ Zo RAKOTONDRAMASY

TG Toamasina : miara-mientana, miray hina

«Raha vao tonga any amin'ny TG Toamasina ianao dia olona mitsikitsiky be no handray anao ao» hoy Ramatoa Lydia MANANTENA, *Trésorier Général*. Nanamafy izany i Rinasoa, *Inspecteur du Trésor* sy i Fitiavana. Mifanerasera amin'ny olona maro manko ny mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana, hoy izy ireo, ka tsy maintsy mahay mandray tsara. Mpihazaka (*paramètre*) iray hahafahana mandrefy ny kalitaon'ny asa omena ny manan-draharaha ny fahaizana mandray olona, hoy Ramatoa *Trésorier*, ary tafiditra rahateo amin'ireo fanamby dimin'ny Tahirimbolam-panjakana Malagasy.

Mampahomby ny fiaraha-mientana

Nanomboka tamin'ny 8 martsa 2014, andron'ny vehivavy ny paikady vaovaoan'ny TG Toamasina. Ny hisian'ny firaisana (*cohésion*), ny hivelaran'ny tsirairay amin'ny asa, ho fifanampiana sy ho fifampizarana ny mahasoa dia nitsangana ny fikambanan'ny vehivavy mpiara-miasa ao. Efa tsapa sahadry ny vokatry satria nitombo ny firaisankinan'ny mpiara-miasa sy ny



faharisihan'izy ireo.

Maro ny fifampizarana efa natao – fanaovana *maquillage*, fanamboarana *yaourt*, ny vehivavy miasa ao anaty tokantrano, ny fomba fandefasana antontan-taratasy ao anaty bokin-taratasy hosoniavina (*parapheur*), ny fandaminana fotoana (*classement, pointage, situation...*), ny hevitra ny tsiky... – ka rehefa mahakasika mivantana ny asa dia mandray anjara ihany koa ny lehilahy. Tanteraka ao amin'ny TG Toamasina ankehitriny ny hoe «iray vatsy, iray aina».

▲ Voasary Ravo RAONIZAFINARIVO

TG Ambatondrazaka : Tolo-tanana à Tranon'ny Fitiavana



L'équipe de la Trésorerie Générale (TG) Ambatondrazaka a choisi la «Maison de l'amour» - *Tranon'ny Fitiavana* accueillant les personnes handicapées physiques et mentales pour leur première action sociale, le 31 juillet 2014. 100 kilos de riz blanc, 20 kilos de sucre, 1 sac de sel fin, 10 litres d'huile, 3 cartons de savon, 2 cartons de savon en poudre et de l'argent en liquide ont été offerts au centre pour alléger les difficultés traversées au quotidien. En effet, le centre rencontre beaucoup de difficultés dans la prise en charge de ces personnes car il ne reçoit aucun financement extérieur pour subvenir aux besoins quotidiens des malades – nourriture et médicaments – et car les familles de ces malades les ont abandonnés à leur sort.

L'équipe de la TG Ambatondrazaka envisage d'effectuer cette œuvre sociale au moins une fois par an à partir de maintenant. La date du *tolo-tanana* ayant coïncidé avec le passage des missionnaires venant d'Antananarivo, ces derniers ont réuni près de 1 300 000 MGA et se sont joints à leurs collègues d'Ambatondrazaka pour soutenir ce centre tenu par les religieuses.

▲ Oniniaina RAKOTONINDRINA
Valérie RAKOTOSON

Fikambanan'ny vehivavy Inspecteurs du Trésor : Nanao fitia tsy mba hetra



Fotoana fifanoloran-tanana amin'ireo mpiara-belona sahirana ny volana jona, fankalazana ny fetim-pirenena malagasy. Ny *Maison de Charité* Tongarivo Tanjombato (Antananarivo) no nanateran'ny *Association des Femmes Inspecteurs du Trésor* (AFIT) ny anjara birikiny amin'ny fanampiana ny mpiara-monina. Vary, ronono mandry sy ronono vovony, voamaina, menaka, siramamy, savony, lamba kilaoty ho an'olon-dehibe (*couches adultes*), akanjo... no naterina tany tamin'ny 24 jona 2014. Marihina fa 42 ireo olona semban-tsaina sy vatana karakaraina ao


ka ny efatra amin'ireo dia zaza tsy afa-mihetsika. Miankina tanteraka amin'ny hafa izy ireo ary efa narin'ny fianakaviany sy ny fiaraha-monina ny ankamaroany ka tena mila fanampiana fatratra. Ny fanampiana no iveloman'ny *Maison de Charité* ary tsy voatery ho fanomezana izany. Misy tokoa mantsy ireo tsara sitrapo no tonga mamahana na mampandro ireo marary na manolo ny lamba kilaoty ho an'olon-dehibe anaovan'izy ireo. Tena zava-dehibe ho an'ireo Masera ao izany.

▲ Voasary Ravo RAONIZAFINARIVO

actualités



DIRECTION GENERALE DU TRESOR



KRAOMA : enfin un Conseil d'Administration

Les efforts du Trésor Public concernant les réformes de la gestion des sociétés à participation de l'Etat portent des fruits.

Depuis 2009, le Trésor Public a insisté sur la normalisation de la gestion de la KRAOMA, une société œuvrant dans l'extraction, la concentration, la transformation et la vente de minéral de chrome. Etant actionnaire majoritaire avec 97% des parts sociales, le Trésor Public, en tant que représentant à qualité de l'Etat-actionnaire a toujours demandé et réclamé que soit mis en place un Conseil d'Administration (CA) qui puisse statuer sur les comptes des exercices 2009 et 2010 ou du moins convoquer une Assemblée Générale Ordinaire pour pouvoir le faire mais les demandes sont restées sans suite et le ministère de tutelle technique n'a pas voulu nommer ses représentants au CA. A noter qu'absence de CA signifie absence totale de contrôle, et l'absence de contrôle constitue un risque considérable pour les fonds publics. Finalement, l'examen des comptes des exercices 2009, 2010 et 2011 s'est opéré vers le mois de juillet 2012 suite à une Assemblée Générale Ordinaire demandée par l'Etat actionnaire. De

cette AG est ressortie la nomination de l'ancien Président du Conseil d'Administration (PCA) en tant que Directeur Général par intérim (DG pi).

Faute de résultats probants, le Trésor Public a de nouveau initié en 2013 un audit de gestion de la KRAOMA qui a révélé des dysfonctionnements importants, notamment des erreurs graves dans les états financiers. Ce qui constitue une preuve évidente de la mauvaise gestion qui règne au sein de la société. Les réformes espérées n'ont pas pu aboutir car les entités concernées – la Présidence de la République et la Région Betsiboka – n'ont pas procédé à la nomination de leurs représentants respectifs au sein du CA. De ce fait et sous prétexte d'inexistence de PCA pour la signature de la convocation, le DG pi n'a de nouveau pas présenté les comptes des exercices 2012 et 2013.

L'Etat actionnaire tente encore et toujours de donner une chance au retour à la normale de la société pour pouvoir améliorer sa gestion et a déposé une requête au Tribunal pour pouvoir convoquer une AG pour la nomination des administrateurs. Cette AG s'est tenue en mai 2014 dernier mais le CA n'a toujours pas

été opérationnelle car une fois de plus, le ministère de tutelle technique a interdit à ses représentants de prendre part aux votes lors du CA.


Une autre AG tenue au mois de juillet a finalement mis en place un nouveau CA. Ce CA, conformément à ses attributions, devra procéder au recrutement du DG. A préciser que la première décision prise par ce dernier a été le limogeage du DG pi. Actuellement, une nouvelle tête assure cette fonction par intérim dans l'attente d'un nouveau recrutement. Cette restructuration a pour but d'améliorer la gestion de la société qui auparavant était parmi les rares sociétés d'Etat à succès. Un audit de gestion complet depuis 2012 sera initié sous peu. Le Trésor Public appelle à ce que le DG soit recruté le plus rapidement possible par voie d'appel d'offres ouvert par un cabinet externe et qu'enfin priment la compétence et les capacités techniques dans le choix du nouveau directeur. Pour que la gabegie cesse et que le succès refasse surface !

Une nouvelle organisation pour le Trésor Public

Un nouvel organigramme vient d'être adopté pour la Direction Générale du Trésor. Cette nouvelle structure contient des modifications propres à permettre à l'entité d'atteindre les défis qu'elle s'est fixés.

Ainsi, dans le cadre de la culture de la transparence, la Cellule Communication a été érigée service et devient Service de la communication, des relations publiques et du partenariat. Par ailleurs, dans le but d'assurer aux agents le plein épanouissement, un service dit

de la Stratégie et du Développement a été créé. Le Service de la Gestion des Aides Bilatérales et la Coordination Nationale de la MicroFinance ont été intégrés dans des directions.



Avis

Henriette RASOAMAMPIONONA

*Directeur des relations internationales
et de l'intégration économique -
Ministère du Commerce et de la Consommation*

Bulletin TAHIRY : A votre avis, Madagascar est-il à même de faire face à l'intégration régionale ?

Henriette RASOAMAMPIONONA : Oui si les exportateurs bénéficient de l'assistance nécessaire. Il faut savoir que nos exportations vers les communautés économiques régionales – SADC, COMESA... – restent relativement faibles. Cette insuffisance de l'offre résulte du peu d'intérêt que portent nos opérateurs à ces marchés qui fonctionnent déjà sous le régime de la zone de libre-échange économique. Au lieu de s'intéresser à ces marchés de proximité, nos exportateurs ont une préférence pour les Etats-Unis et l'Union Européenne. Le manque d'information sur les énormes potentialités offertes par ces communautés régionales en est la raison, à mon avis. Cette situation profite surtout aux Sud-africains dont les produits inondent nos supermarchés. Bref, nous subissons actuellement la concurrence sud-africaine. D'ailleurs, notre balance commerciale avec les marchés de la SADC et du COMESA et même de la COI est toujours déficitaire. Il est temps de changer la donne. Madagascar ne peut pas rester dans son coin mais doit ouvrir son marché conformément à la loi de la libéralisation. Il incombe à notre ministère de sensibiliser nos exportateurs sur l'existence de ces opportunités et d'en tirer les avantages. Il importe de rappeler que l'adhésion à ces marchés régionaux donne lieu au paiement d'une contribution annuelle conséquente. Il faut aussi privilégier le partage d'informations sur les marchés disponibles et renforcer les assistances techniques en faveur de nos producteurs pour avoir des produits correspondant aux normes exigées par ces marchés. L'on se souvient que l'île Maurice avait résilié le contrat d'importation d'un quota de plus de 1000 tonnes par an de pomme de terre de la variété dénommée *spunta* de Madagascar pour non-respect des exigences mauriciennes en termes



de calibrage et pour insuffisance de l'offre, ce qui ne nous a pas permis d'honorer la commande. A ma connaissance, le Ministère de l'Agriculture et du Développement Rural dispose d'un programme d'appui à la filière riz en vue de garantir des produits de qualité acceptés par les clients.

BT : Les producteurs nationaux dénoncent quelquefois la concurrence déloyale. Y a-t-il des mesures pour y faire face ?

HR : L'OMC autorise et préconise la mise en place de mesures de protection des produits locaux s'ils sont menacés par les importations. Le Ministère du Commerce et de la Consommation présentera justement au niveau du gouvernement un projet dénommé «Autorité nationale chargée des mesures correctives commerciales» pour protéger les industries locales face à la concurrence déloyale. Cette structure étudiera les doléances des opérateurs qui s'estiment lésés puis déploiera, avec la contribution financière des plaignants, une mission de vérification dans les pays d'origine des marchandises en vue de s'assurer si les biens vendus à bas prix sur notre marché ont bénéficié de subventions étatiques. Si l'existence de subvention est confirmée, il est de notre plein droit d'appliquer les mesures de protection en faveur de nos produits qui comprennent les mesures de sauvegarde, les mesures antidumping et enfin les mesures compensatoires.

▲ Ony Nandrianina RABENANTOANDRO
Herinjaka RABENAIVO

PP Vatomandry

Hahazo *titre ny tany*

Eo an-tampon-tanàna, ao amin'ny fokontany Tanambao, tsy lavitry ny moron-dranomasina no misy ny tany «Tahiry» ary mirefy 2016 m2. Tanin'ny Tahirimbolam-panjakana eto Vatomandry io. Efa tamin'ny taona 2008 no natao ny fanamarinana ny tany saingy maro loatra ny dingana arahina ka amin'izao fotoana izao vao hiditra amin'ny famaritan-tany (*bornage*). Ho azo tsy ho ela araka izany ny *arrêté d'affection*-n'ny tany. Tsara dia tsara ny toerana hany ka efa nisy ny nanorim-ponenana sy nanangana épibar teo amin'io toerana io. Sady malalaka be koa ny toerana ary mahazaka *bureau-logement sy gîte d'étape*, eny, hatramin'ny *centre de loisirs*. Mbola mitambatra amin'ny biraon'ny distrika ny *Perception Principale* amin'izao fotoana izao. Trano manentoonton'ny fofon-tain-dramanavy no iasan'izy dimy mianadahy any.

Efa mahatoky kosa anefa ny ao Vatomandry fa raha ny fanambin'ny Tahirimbolam-panjakana ankehitriny dia hahazo trano tsy ho ela izy ireo. Mamparisika azy ireo hiasa mafy sy am-pahamarinana izany.

TG Antsirabe

Tsy maintsy miezaka manatratra ny fanamby dimy

Maromaro sady nisesisesy ny fitarainana tonga tany amin'ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana. Na mety ho fanosoram-potaka fotsiny aza izany dia tsy maintsy nandray fepetra ny foibem-pitondrana : nandeha nijery ifotony ny zava-misy. Ny Tahirimbolam-panjakana maintsy dia tsy manao *complaisance* fa tsy maintsy harenina ny lesoka rehetra misy ary tsy maintsy miara-mientana ny rehetra hahatrarana ny fanamby dimy.

Hita tokoa ary fa tena fampandehanan-draharaha fotsiny ihany no misy ao amin'ny TG Antsirabe. Tsy tsapa mihitsy ny fombana (*adhésion*) amin'ny paikadin'ny Tahirimbolam-panjakana. Raha tsorina dia tsy misy loatra ny riadriaka ao amin'ny TG Antsirabe. Mety ho toetsaina no mahatonga izany, saingy mety ho ny tsy fahatomombanan'ny fotodrafitrasa iainan'ireo mpiasa ihany koa. Tena ratsy sady kely maintsy ny trano misy ny TG Antsirabe. Nanapaka hevitra ary ny Foibem-pitondrana fa homena ity rantsamangaika ity ny fitaovana rehetra hanampiana ireto mpiara-miasa ireto mba hahatran'izy ireo ihany koa ny fanamby dimy. Hitady toerana hafa hiasana aloha izy ireo fa horavana ny trano ary hanorina trano vaovao mifanaraka amin'ny paikadiny eo ny Tahirimbolam-panjakana.

actualités

Païement électronique pour les carburants et les lubrifiants

Rapide, sécurisé, un pas de plus vers la dématérialisation

L'Appel d'offres a été lancé au mois de janvier 2014. Quatre candidats ont soumissionné. Finalement, le marché de la mise en place du système de paiement électronique de carburants et lubrifiants pour l'Administration a été attribué au Groupement l'TECH SA/SELP SAS, qui, selon l'évaluation des responsables, a satisfait les conditions exigées. Le montant total du marché est de 5,300 milliards MGA.

Trois en un. Par l'effectivité du paiement électronique des carburants et lubrifiants, le Trésor Public réalise trois de ses défis : la sécurisation des valeurs publiques (défi n°1), l'amélioration des conditions de travail des agents (défi n°3) et la modernisation (défi n°4). Le marché vient d'être attribué et l'adjudicataire notifié. Sous neuf mois, la carte électronique sera opérationnelle.

La prolifération des faux chèques carburants et lubrifiants a été une des raisons de la mise en place du système de paiement électronique des carburants et lubrifiants. Mais les effets induits vont bien au-delà de la sécurisation des valeurs publiques.

Plus de sécurisation pour les valeurs publiques et moins de manipulation de matériels pour les agents du Trésor

Aucun changement ne sera opéré dans le cadre de l'exécution des dépenses publiques classique – Engagement, liquidation, ordonnancement, paiement. Des modules spécifiques permettront de gérer les cartes électroniques prévues. En effet, après le mandatement, le montant inscrit sur l'avis de crédit sera généré de l'application du Système Intégré de Gestion des Finances Publiques (SIGFP) vers le nouveau système, dans le compte du dépositaire comptable concerné. La gestion



de la consommation desdits crédits ainsi que l'alimentation des cartes des utilisateurs finaux seront effectuées par le dépositaire comptable à partir d'une application propre disponible dans le système.

Les 252 stations-service éparpillées à travers tout Madagascar seront dotées de Terminals de Paiements Électroniques (TPE).

La mise en place du système de paiement électronique pour les carburants et lubrifiants supprime toute manipulation d'éléments matériels. Le réseau est établi entre le Trésor Public, les opérateurs pétroliers – administrations et stations-service – et les services utilisateurs. Le système permet en outre l'édition de factures au niveau des compagnies pétrolières, accélérant ainsi le traitement des demandes à leur niveau et facilitant les contrôles au niveau des postes comptables du Trésor Public avant le règlement effectif des dépenses.

Le délai d'exécution des travaux est de neuf mois dont une période d'essai de six mois.

▲ Voasary Ravo RAONIZAFINARIVO

Les formations : un investissement à grande valeur ajoutée

L'accroissement de la compétence est un défi de tout un chacun. L'accroissement du «rendement» est le souci de tout employeur. Ces deux éléments constituent la base du besoin en formation du personnel de toute entité. Elle favorise la flexibilité et l'adaptation des agents. C'est également la vision du Trésor Public qui a décidé d'organiser des formations à l'intention de ses agents. Elles sont dispensées par des établissements à notoriété bien assise et peuvent se dérouler à Madagascar ou à l'extérieur.

Une opportunité d'élargir ses horizons. Les agents du Trésor Public travaillant à Antananarivo bénéficient déjà d'une formation en langue anglaise que ce soit en interne (niveau inférieur au « pre-advanced », classement d'une institution de formation en anglais) qu'externe. Le déploiement de cette formation au niveau des Régions est déjà en phase d'étude. Des formations en économie organisées par les chargés de missions du Directeur Général sont déjà en cours, tandis que la possibilité de dispenser des formations en comptabilité de l'Etat à l'intention des agents contractuels est étudiée.

Une opportunité de renforcer ses capacités. Tous les agents du Trésor Public peuvent bénéficier de deux formations au maximum chaque année. A ce jour, six modules de formation sont prévus à Antananarivo pour 87 agents venus de toute l'île. Par ailleurs, au cours de cette année 2014, 11 agents ont pu jouir de formations et de séminaires à l'étranger.

analyse

Produits pétroliers : Subventions inefficientes, le retour à la vérité des prix est inéluctable

Une politique d'administration des prix des produits pétroliers a été appliquée à Madagascar depuis 2010 dans le but de corriger les effets de la hausse des prix des produits pétroliers sur la consommation des ménages les plus défavorisés afin de soutenir leur pouvoir d'achat.

Les raisons de la subvention

Le secteur pétrolier tient une place importante dans l'économie du pays. Le secteur du transport en dépend. Presque la moitié de la production électrique du pays est fournie par l'utilisation de groupes électrogènes fonctionnant avec du fuel. Encore, faut-il noter que la moitié de cette production électrique est utilisée directement par les ménages tandis que l'autre moitié est utilisée comme input par le secteur industriel. La maîtrise des prix des produits pétroliers, via les subventions des compagnies pétrolières, semblait ainsi être le meilleur moyen pour éviter une plus forte récession économique durant ces cinq années de crise – inflation, baisse du pouvoir d'achat, baisse de la demande globale, baisse de la production nationale, récession économique.

Efficacité apparente de la subvention pétrolière dans le maintien du prix à la pompe versus aggravation du clivage social

Certes, la politique d'administration des prix a réussi à maintenir les prix des produits pétroliers à un niveau relativement raisonnable. Les analyses révèlent que sans administration, le prix à la pompe du gasoil aurait augmenté de plus de 86% de 2009 à 2013 alors qu'en ayant été administré, le prix n'a enregistré qu'une hausse de 21% sur la même période. Cependant, les mêmes analyses permettent de conclure qu'une hausse de 86% du prix du gasoil conjuguée avec un poids des dépenses des ménages en carburant inférieur à 6% n'aurait causé qu'une inflation additionnelle de deux points. De plus, l'essence touristique a été subventionnée au même titre que le gasoil alors que seuls 8% de la population, donc les plus riches, en consomment. Par ailleurs, ce sont surtout le secteur pétrolier qui a profité de cette subvention puisque son bénéfice net est passé de 28 milliards MGA en 2008 à 78 milliards en 2013. Tout cela signifie que les subventions pétrolières payées et supportées par le Trésor Public malgache au profit des compagnies pétrolières ont été détournées de leur objectif initial, qu'est le soutien des couches les plus vulnérables, et ont plutôt été utilisées pour maintenir les prix afin de servir la frange de population la plus riche. D'ailleurs, la Banque Mondiale de dire que 90% des subventions aux produits pétroliers profitent à 10% des ménages les plus riches à Madagascar.

L'Etat a échoué

L'équité sociale – accès de tous à la satisfaction des besoins fondamentaux – n'a pas été atteinte : L'Etat a mal redistribué ses ressources en ne faisant que supporter les plus riches. Cela lui a coûté très cher : Pertes de recettes pour l'Etat et renonciation aux dépenses publiques prioritaires.

Ces subventions aux produits pétroliers, d'un montant total de 1 007 milliards MGA de 2011 à fin juin 2014, ont pesé lourdement autant sur le Budget que sur la trésorerie de l'Etat, et ce au détriment des dépenses d'investissement cruciaux dans les secteurs de l'éducation, de la santé, des infrastructures... Par ailleurs, il n'a jamais été divulgué que ces subventions pétrolières sont à l'origine des gaps fiscaux et douaniers qui s'élèvent à 1 073,77 milliards MGA de 2010 à 2013, 383 milliards MGA de Droits et Taxes à l'Importation (DTI) ne sont pas rentrés dans la caisse de l'Etat mais supportés et financés par le Trésor Public. De même, puisqu'il a été convenu entre l'Etat et les compagnies pétrolières que ces dernières bénéficieront d'un taux de change préférentiel de 2 000 MGA par rapport à l'USD, le Trésor Public a dû supporter une perte de change d'un montant total de 123 milliards MGA de 2011 à 2013.

Enfin, il ne faudra plus préciser que le paradoxe de la gestion des finances publiques malgaches se retrouve encore dans l'application de cette politique de prix administrés, puisque durant la période de crise, le pays a été capable de faire des subventions mal ciblées à hauteur de 2% du PIB en moyenne alors que ses dépenses d'investissement sur ressources propres internes ne constituaient en moyenne que 1,8% du PIB.

Retour progressif à la vérité des prix et meilleur ciblage des bénéficiaires des subventions

Compte tenu de ces distorsions économiques, il est judicieux de mieux cibler la destination des subventions afin d'éviter les gaspillages et de retourner progressivement à la vérité des prix. Une hausse du prix des autres produits notamment celui du transport, celui des produits de première nécessité et celui de l'électricité n'est pas à écarter. Mais contrairement à la crainte de l'opinion publique, cet effet de transmission n'engendrera qu'une inflation de l'ordre de 4,2% lorsque le retour à la vérité des prix sera effectif. Néanmoins, afin d'atténuer les conséquences de cette inflation sur les groupes les plus vulnérables, la subvention du secteur du transport et l'appui des travaux communautaires de type HIMO...devraient être mises en place à titre de mesures d'accompagnement.

izaho
sy ny asako



Intelo nisy nangalatra ny sonian'i Thierry RAMANDIMBIARISOA, *Inspecteur du Trésor, Fondé de Pouvoirs* ao amin'ny *Paierie Générale d'Antananarivo*. Vola amina miliara ariary no saika navoaka tamin'ny alalan'ny taratasim-bola sandoka misy sonia halatra. Toerana samy hafa no nahatratana ny fisandohana : Antananarivo, Toamasina, Mahajanga.

Mafy, mafy, mafy.

Feno alahelo ny tenako satria ny antom-pivelomako no voazimbazimba ary ny andavanandrom-piainako no voakorontana. Tena nampikorontana ny asa ny fivezevena tany amin'ny mpanao famotorana sy tany amin'ny Fitarana. Nahasosotra ihany koa indrindray satria nalahatra niaraka tamin'ny mpanao ratsy ny tena na dia mpitory aza. Nitombo ny fitaintaina noho ny asa teo amin'ny samy mpiara-miasa. Nitombo nanaraka izany koa ny fahamailoana.

Nisy fiantraikany hatrany amin'ny fianakaviako ny raharaha. Nitaintaina tanteraka ny manodidina ahy sy ny fianakaviako, ary nandraiki-narary hatramin'ny reniko mihitsy. Sorena ihany ny tenako satria manala baraka ny toe-javatra tahaka ireny. Na dia mafy dia mafy tamiko aza izany rehetra izany, tsy mba nitaintaina na natahotra akory aho satria fantatro ny fahadiovako amin'ny asa. Nitraka hatrany ny tena satria ny Tale Jeneralin'ny Tahirimbolam-panjakana rahateo dia tsy nandao ary nanampy ireny. Torak'izany koa ireo lehibe rehetra sy ireo mpahay lalàna eto amin'ny Tahirimbolam-panjakana.

Taorian'ireny raharaha ireny dia nohamafisina hatrany ny fanaraha-maso ny asa, indrindra ny famoaham-bola amin'ny alalan'ny taratasim-bolan'ny Banky Foiben'i Madagasikara. Torak'izany koa ny fiaraha-miasa amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara mba hisorohana ny fiverenan'izany amin'ny ho avy.

Hafatra : Ho an'ny mpiara-miasa rehetra eto amin'ny Tahirimbolam-panjakana : mafy sady sarotra ny asantsika, ekena izany. Saingy ataovy am-pitiavana sy am-pahamarinana hatrany, ka raha sanatria misy aza ny olana, ka madio hatrany ny tena, tsarovy fa ny Tale Jeneraly sy ny mpitantana dia miaro sy manohana hatrany.

angom-baovao

Transferts: Asa mankadiry, iankinan'ny fahadiovan'ny kaontim-panjakana

Asa goavana ary mitaky fahamalinana tanteraka ny *transferts* izay indraketan'ireo mpiasa ao amin'ny *Paierie Générale d'Antananarivo* (PGA). Raha ny tamin'ny taona 2013 fotsiny mantsy dia *Bordereau de Transfert de Dépenses* (BTD) na antontan-taratasim-pandaniana ahitana *pension* sy karama avy amin'ireo *Trésoreries Générales* 21 (sy ireo *Perceptions Principales* miaraka aminy) sy avy amin'ireo *Trésoreries Principales* 3 sy *Trésoreries Ministérielles* 3, manodidina ny 100 gony, no tsy maintsy nohamarinina tao anatin'ny herinandro monja. Ny hamoahana *balance définitive* madio sy azo antoka ary ahitana taratra ny toebolam-pirenena sy ny lalan'ny vola eto amin'ny firenena, amin'ny faran'ny volana septambra 2014 no tanjona. Andraikitra sy fanamby goavam-be no miandry.



Manodidina ny 50 ka hatramin'ny 80 %-n'ny antontan-taratasim-pandaniana no ankinina manokana (*assignés*) amin'ny PGA. Tsy voatery ny ao amin'ny PGA akory no handoa izany fa afaka manao izany avokoa ireo rantsamangaikan'ny Tahirimbolam-panjakana rehetra any amin'ny faritra manerana ny nosy any izay mpitan-kaonty mpisolom-pahefana (*comptables mandataires*). Tsy maintsy miverina ao amin'ny PGA avokoa ireo antontan-taratasim-pandaniana voakasik'ireo satria ny PGA ihany no mampiditra ny fandanianana ao amin'ny kaonty voatokana ho amin'izany araka ny sora-pitsipiky ny haitoebolam-panjakana.



Ny taratasim-pandaniam-bola nanomboka tamin'ny taona 2009 no nivangongo tao amin'ny PGA fa tsy araka intsony ny manamarina azy ireo ara-potoana. Efa mandodona ihany koa ny Fitsarana ara-bola amin'ny tokony hamitana ny *transferts* faran'izay haingana. Mba hahavitana io asa io àry dia nanao asan-tana-maroka niara-nientana nandritra ny herinandro ny mpiara-miasa rehetra tao amin'ny PGA : mifanaraka amin'ny BTD ve ny taratasim-pandaniana miaraka aminy ? Manaraka ny lalàna ve ny fomba namenoan'ny tompony ny taratasim-pandaniana tsirairay ? ... Noraketina an-tsoratra ny *transferts* avy eo.

Rehefa vita ny asan'ireo mpanamarina dia tsy maintsy mandalo any amin'ny *Inspecteurs du Trésor* ny taratasy rehetra vao azo ekena ny fidiran'ny soratra araka ny haitoebola ao anaty *Balance*. Mbola asa goavana koa no miandry satria mbola averina hamarinina avokoa ireo 100 gony ireo. Zavatra maro sy mila fahamalinana tanteraka no natao tamin'izany toy ny fanamarinana na ilay *compte* tokony hidirany tokoa no nametrahana azy ... Izany no natao dia mba hamoahana toebolan'ny Fanjakana, tsy misy diso sy azo itokisana.

Mbola ny 20 amin'ireo antontan-taratasy 100 gony ireo no miandry amin'izao fotoana izao.

Amin'ny ankapobeny dia manodidina ny 200 ny BTD voarain'ny PGA isam-bolana. Araka ny lalàna, dia ny fisotroan-dronono sy ny karama ihany no azon'ny sampandraharaha hafa ivelan'ny PGA aloa. Mihoatra ny 100 000 ny mpandray fisotroan-dronono manerana ny nosy ka ny 8 000 amin'ireo no mandray izany ato amin'ny PGA. Olona maherin'ny 33 000 kosa ireo karaman'ny mpiasam-panjakana *assignés* ato amin'ny PGA, izany hoe miverina ho *transferts* ato amin'ny PGA na raisin'ny tompony any amin'ny rantsamangaikan'ny Tahirimbolam-panjakana hafa aza.



Olona 12 no miandraikitra ny *transferts* ato amin'ny PGA ka ny roa amin'ireo no *Inspecteurs du Trésor* mitsara ny soratra araka ny haitoebolam-panjakana (*écritures comptables*).



Solofa ANDRIANOMENJANAHARY
Inspecteur du Trésor, Fondateur de Pouvoirs
miandraikitra ny *transferts* ao amin'ny PGA.

«Tena iankinan'ny ho avy sy ny tetibolam-panjakana mihitsy ny *Transferts*. Ny *comptes* hampidirana ireo fisotroan-dronono sy karama ireo mantsy dia tena ilain'ny *Direction des Etudes* (DE) hanaovana ny OGT (*Opérations Globales du Trésor*). Avy amin'izany no hahafahana manao fitsinjovana ny vola hokirakiraina (*prévision de la trésorerie*), hanaovana fitsinjovana (*prévisions*) isan-karazany toy ny vola tokony havoakan'ny Fanjakana isam-bolana...

Rehefa tsy vita araka izany na misy diso ny *transferts* dia ny *Balance* iray manontolon'ny PGA ho an'ny taona iray mihitsy no tsy tafavoaka ka tsy ho azo avoaka koa ny *Balance* amin'ny taona ho avy. Rehefa lavorary an-tsakany sy an-davany anefa ny *Transferts* ho amin'ny taona iray dia afaka mamoka *Balance définitive* tsara ny PGA. Tsara homarihina fa io *Balance définitive* io dia mbola ho tsarain'ny komity ahitana solontena avy amin'ny fitsarana ara-bola, ny ao amin'ny Tetibola ary ny Tahirimbolam-panjakana.

Rehefa vita tsara ny manamarina ireo antontan-taratasim-pandaniana ireo dia heverina fa ho azo antoka sy azo hitokisana ny soratra araka ny haitoebolan'ny Fanjakana mivoaka eo».

▲ Oniniaina RAKOTONINDRINA
Yves RAKOTO

Sosialy



Ireo nahazo tokantrano

Faly miarahaba ireto mpiasa nahaorina tokantrano
ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana.

Diamondra sy Miandra



Asabotsy 26 jolay. Nifamotoana teny amin'ny FJKM Tranovato Faravohitra ny havana sy ny namana fa nampiakarin'i Andriamiandra RASOLOFONIAINA i Diamondra RABETOKOTANY (*Service Communication-DGT*). Ho tokantrano sambatra anie ny azy roa ireo satria efa nisafidy ny hifikitra amin'Andriamanitra araka ny tenin'ny Soratra Masina nofidiny «Fa raha izaho sy ny ankohonako kosa, dia hanompo an'i Jehovah izahay». Josoa 24 : 15 b.

Nina sy Dina



Tsy misy loko maneho hafaliana mihoatra noho ny loko mavo. Tsy misy loko maneho fahadiovana mihoatra noho ny loko fotsy. Tao anatin'ny hafaliana tanteraka no nifanoloran'i Ninà RAMANANTSOA (DGT) sy i Dina RAKOTOMALALA fitiavana madio, tao amin'ny fianonana FJKM Ambalavao Isotry tamin'ny 12 jolay 2014. Ho mandrakizay anie ny fifaliana niainan'izy ireo tamin'io andro sarobidy io ary hafana mandrakariva toy ny masoandro anie ny fifankatiavany, satria ny lokon'ny masoandro no nandravahany ny andro nifanekeny fa hiaraka mandrakizay.

Ireo nisotro ronono

Mankasitraka sy misaotra ary mitsodrano azy efatra mianadahy noho ny asa vitany
ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana.



Patrick Ernest ROMUALD

Comptable du Trésor, TG Toliara, 38 taona niasana



Ny 20 janoary 1976 no tafiditra niasa tao amin'ny PP Ambohidratrimo i Patrick ROMUALD. Nahazo famindran-toerana tao amin'ny SITE (ex-DBIV) sy tany amin'ny TG Fianarantsoa izy mialohan'ny niasany tao amin'ny TG Toliara tamin'ny janoary 1983. Naharitra ela tao Toliara izy satria tsy niala tao intsony. *Comptable du Trésor de Classe Exceptionnelle* izy izao handeha hisotro ronono izao. Ahafantarana an'i Patrick ny *sauce kapike* (voanjo) karakarainy rehefa hiaraka hanao *brochettes* ny mpiaramiasa. Ny fivoaran'ny asan'ny Tahirimbolam-panjakana no tena nanamarika azy nandritra ny fotoam-piasany. «Betsaka ny fandrika mety haningotra satria volam-bahoaka no kirakiraina. Araka izany dia tokony ho malina hatrany ireo am-perin'asa. Tokony hahatsiaro ho sambatra isika tratry ny fotoana fisotroan-dronono», hoy izy.

TONINJARA

Employé de service, PP Analalava, 18 taona niasana



Niasa tao amin'ny seranam-piaramanidina Analalava izy nialohan'ny nahatafiditra azy tato amin'ny Tahirimbolam-panjakana. Anisan'ireo mpiasa tsy nahazo famindran-toerana mihitsy nandritra ny fotoam-piasany i TONINJARA. *Garde caisse* no andraikiny saingy noho ny fandaminana dia nosahaniny koa ny famafana ny birao sy ny fanaterana *courriers*. «Tena nahafinaritra ahy ny asa tato amin'ny Tahirimbolam-panjakana satria nitondra soa ho ahy ka nahafahako namelona ny vady aman-janako».

Georges RAKOTONAIVO

Comptable du Trésor, TG Miarianarivo, 39 taona niasana



Tao amin'ny TG Miarianarivo no nanomboka niasa i Georges RAKOTONAIVO ary tsy niala tao mihitsy nandritra ny fotoana niasany. Vao 16 taona monja izy dia efa nanomboka niasa, ELD izy tamin'izany. Tafiditra ho *Comptable du Trésor* taty aoriana. Andraikitra maro no nosahaniny : ny *pension*, *correspondance administrative*, *gestion de crédit*, *courriers départ*. Hainy tsianjery avokoa ireo mpandry fisotroan-dronono miisa 537. Noho ny traikefa nananany dia vitany ny nampihena ny fotoana ilaharan'izy ireo rehefa handray fisotroan-dronono ka maro amin'izy ireo no nalahelo azy.

«Nahafaly ahy ary isaorako ny tomponandraikitra ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana ny ezaka vita teo amin'ny fidinana ifotony nataon'izy ireo ka nahafahan'ny mpiasa nifanakalo traikefa taminy. Tsarovy fa sarotra, mila finiavana, fahafoizan-tena ary fahamalinana ny asantsika. Mbola vonona ny tenako hampita ny traikefa ananako amin'ireo zandry», hoy Andriamatoa RAKOTONAIVO.

Sahondra Nirina RAHOLIARISOA

Technicien Supérieur, DRSFP, 26 taona niasana



Ny 08 martsa 1988 no nanomboka niasa tao amin'ny Direction du Trésor Ramatua RAHOLIARISOA. *Secrétaire mpanampy* tao izy tamin'izany. Nanomboka tamin'ny taona 1991 no tao amin'ny FINEX (DRSFP) izy, izany hoe 23 taona izao. *Opérateur de saisie* no andraikiny tao. «Tiako be ny asako amin'ny maha *contrôleur de change* et de *rapatriement de devises* ahy. Ho antsika amperin'asa dia tsarovy fa ny fifandeferana ihany no nahafahana miaramiaina sy hahavitana an-tsakany sy an-davany ny asa. Nitondra tombontsoa lehibe ho ahy sy nampisongadina ny fari-piainako ny fanovana nentin'ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana. Isaorako etoana ny Tale Jeneraly amperin'asa satria tsy nihevitra anay ho mpiasa madinika fa dia nanokatra varavarana sy nandray am-pifaliana foana».

Sosialy

Ireo tera-bao



Ny 18 jolay 2014 no teraka tao amin'ny *Clinique Saint François d'Assise* Ankadifotsy i **Toa Nantenaina Harivony Recteur ANDRIANANDRAINA**, lahikely, zanak'i Philpine Recteur RASOANANTENAINA (miasa ao amin'ny PGA) sy i Nambinina Herilantonina ANDRIANANDRAINA. Zaza voalohany ary nilanja 3,050 kg i Toa. Faly tokoa izy mivady nahazo menaky ny aina voalohany ka velom-pisaorana an'Andriamanitra.



Pavillon Sainte Fleur, 22 jolay 2014. Tao amin'io hopitaly io no nahaterahana'i **Fenotantely Fitahiana FANOMEZANTSOA**; menaky ny ain'Tantely RASAMIMANANA (*Service Communication*) sy i Fanomezantsoa Volaharifeno ANDRIANARISON. Zaza lahikely voalohan-janak'izy ireo ary nilanja 2,700kg i Fitahiana.

Miarahaba ny ray aman-drenin'izy dimy mianadahy nomen' Andriamanitra ny fara sy ny dimby ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana.



Hasambarana ny an'i Hasina RAKOTOSALAMA (*Inspecteur du Trésor* miasa ao amin'ny *Service de la Participation Financière de l'Etat* sady ekipan'ny Gazety Tahiry) sy i Rojo RAKOTOSON raha nandray an'i **Ny Voary langotiana RAKOTOSALAMA** tamin'ny 18 jolay 2014. 3,500 kg izy teo am-pahaterahana ary nirefy 51 cm. Vavy matoa i Ny Voary ary efa manana zoky roa lahy izay nandray azy am-pifaliana tanteraka ihany koa.



Nambinin'Andriamanitra ka nahazo fahasoavana indray i Maminiana Manitrarivo RAKOTOARIVELO, mpahay haikajimirindra ao amin'ny DDP sy i Marielle Jocya RAOILISON raha nomeny zazavavikely. **Shekinah Arielle RAKOTOARIVELO** no anarana nampitondrain'izy roa ity menaky ny ain'izy ireo faharoa ity. Ny 9 jolay 2014 no tonga tety an-tany, tao amin'ny *Clinique Saint François d'Assise* Ankadifotsy i Arielle ary nilanja 3,4 kg.



Andriamisaina Valisoa RAKOTOVAO. Io no anarana nomen'i Aina Ralambo RAKOTOVAO, (DBIV) sy Tsiory Miharisoa ANDRIAMANJATO ny zanany lahy kely, izay teraka ny 23 jolay 2014 lasa teo tetsy amin'ny *Clinique Saint François d'Assise* Ankadifotsy. Zaza faharoa, nilanja 2,95kg ary nirefy 46 cm i Valisoa. «Faly izahay fa ampitomboin'ny Tompo hatrany ny fahasoavany. Maniry antsika mpiara-miasa rehetra mba hahazo izany fahasoavana izany koa.»

Vie de l'équipe de TAHIRY

Carte blanche à... iAko Manantsoa RANDRIANARIVELO.

Au-delà de ses fonctions de maquettiste du bulletin TAHIRY, d'infographiste et de web designer attitré du Trésor Public malgache, iAko est aussi ce photographe passionné dont les photos ont été sélectionnées pour représenter Madagascar dans le cadre de l'Opération Carte Blanche initiée par les Iles Vanille (La Réunion, Ile Maurice, Les Comores, les Seychelles, les Maldives, Mayotte et Madagascar). L'équipe de Tahiry est fière.

SUDOKU

N° 41

		9		8				
			3			6	7	
4				7				2
					8	4	3	
3		7		2		5		8
	1	8	4					
9				4				3
1	2				5			
				6				

VALIN'NY N° 40

6	9	2	5	1	4	3	7	8
5	1	8	7	3	2	4	6	9
7	3	4	8	9	6	1	5	2
1	5	9	2	7	8	6	3	6
8	2	6	3	4	5	9	1	7
4	7	3	9	6	1	8	2	5
2	4	5	1	8	3	7	9	6
9	6	1	4	5	7	2	8	3
3	3	7	6	2	9	5	4	1

sehatra ifampizarana

Ahoana no fomba hanalana haingana rarim-batana na rarin-tsaina (stress)?

Ny fifehezana ny fiaina (*respiration*) no vahaolana voalohany. Ny fifantohana amin'ny fiaina fotsiny dia efa mampivadika ny saina tsy handeha any amin'ilay fototry ny rarin-tsaina. Afantoka tanteraka ao amin'ny fomba fiaina ny saina ary mifoka rivotra mafy tsara mba hidiran'ny rivotra anaty avokavoka hanome hery vao ny vatana iray manontolo. Mampitombo ny fahatoniana izany.

Fahazarana tsara tokony hatao

Manaja ny ora fatoriana. Rehefa tonga ny torimaso dia tsy ilaina ny manemotra azy fa tokony tonga dia hatory. Tsy tsara ovaovaina ny lera fatoriana ary adiny iray mialoha no tokony hisakafo.

Ny fanaovana fanatanjahantena toy ny lomano, ny hazakazaka madinika, ny dihy na ny *aérobic* dia manampy amin'ny fanalana ny rarim-batana sy rarin-tsaina. Sady manatsara ny fikorianan'ny ra ary mampitony ny fihinjity ny hozatra ny fanatanterahana izany matetika.

Ny fanamboarana ny fotoana. Fantaro izay asa tena maika sy ny afaka miandry.

TAHIRY AN-TSARY TRESOR PUBLIC



- 1 Nitsidika ny *Perception Principale* Amparafaravola ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana
- 2 Tonga tany amin'ny TG Ambatondrazaka Ramatoa Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Vola sy ny Tetibola niaraka tamin'ny ekipan'ny Tahirimbolam-panjakana
- 3 Ny *Perception Principale* Andilamena no *Perception Principale* faha12 nahazo trano vaovao !
- 4 Nitafa tamin'ny Lehiben'ny Distrikan'Andilamena ny Sekretera Jeneralin'ny MFB sy ny Tale Jeneralin'ny Tahirimbolam-panjakana
- 5 Nanao tolo-tanana tany amin'ny Tranon'ny Fitiavana ny mpiara-miasa any Ambatondrazaka
- 6 Efa mandeha ny fiofanana karakarin'ny Tahirimbolam-panjakana ho an'ireo mpiasa



TAHIRY

**Bulletin mensuel d'information et de liaison
de la Direction Générale du Trésor**

Adresse

Porte 311, Ministère des Finances et du Budget
Antaninarenina, 101 Antananarivo

E-mail : bulletintahiry@gmail.com

Tél. : 22 276 14

Site Web : www.tresorpublic.mg

Imprimé en 1400 exemplaires